

https://www.reddit.com/r/Awwducational/comments/8n142h/the_aye_aye_a_lemur_known_for_its_unusual_method/

# Ayouh

Angano ho an'ny ankizy novokarin'i *Catherine Rhiat*



Narahan-tsary nataon'i *Colette Mayeur*

Nandika amin'ny teny malagasy : *Rova Ahrilala*

GERP

*Aogositra 2020*


Association pour la Sauvegarde des Lémuriens de Madagascar

ASLM France

*https://www.aslm-lemuriens.org*

Ayouh dia varika kely monina ao amin’ny alan’ny Magadasikara.






http://www.swagmag.fr/les-animaux-les-plus-bizarres-sur-terre/

Amin'ny atoandro izy no matory eo akaikin'ny reniny Aye aye, ao anatin'ny tranony eo anelanelan'ny sampankazo lehibe iray.

Rehefa tonga ny alina dia fohazin’ny reniny izy itady sakafo ao anaty ala.



https://lemur.duke.edu/discover/meet-the-lemurs/aye-aye/

© Catherine RHIAT

**Rehefa tonga ny maraina dia nody izy sy ny reniny raha.**
**Tonga i Saholy sy i Miaro hitsidika azy ireo.**



**Zaza vavy kely i Saholy, ary mpianadahy izy sy Miaro.**
**Mipetraka akaikin'ny ala izy ireo,**
**ka isan'andro dia tonga izy ireo manatitra voanio**
**hoan'i Ayouh naman'izy ireo.**

**Nolavahany kely ilay voana coco, nantsofony**
**tao ilay tanany lava be.**

**Notsoahany rehefa feno ranon'ny coco,**
**mankafy izany ary mamerina misikotra indray.**
**Tena matsiro be !**



*Photo Catherine RHIAT – Maromizaha 2019*



*https://news.mongabay.com/2013/03/researchers-sequence-aye-aye-genome-lemur-is-more-genetically-diverse-than-humans/*

GERP
ASLM
© Catherine RHIAT



http://www.arkive.org/aye-aye/daubentonia-madagascariensis/image-G6517.html

Nantsoin'i Reniny i Ayouh ka nanao veloma ireo namany dia niverina indray tao amin'ilay fandriany mafana.

Namihana ny reniny i Ayouh ary ny reniny dia nitantara angano momban'ny varika dia natory izy.

Manan-danja be ny anio
satria ampianatra an'i Ayouh ihaza ireo biby kely anaty hazo ny reniny.

Kapokapohanay ''toc toc toc ''amin'ilay tanany lava. Be ilay odikazo raha toa ka maneno ohatran'ny poakaty dia misy biby kely.





https://lemur.duke.edu/discover/meet-the-lemurs/aye-aye/

Ao izay dia lavahany amin'ilay nify lava eo aloha ilay hazo ary asitriny ao ny tanany lava ka sokiriny ilay olitra kely dia hoaniny.
Mmmm mamy ery !

© Catherine RHIAT

Nahita biby kely olitra maro be izy ireo ka dia voky, noho ny tonga ny maraina dia nody izy ireo.



https://www.treknature.com/gallery/Africa/Madagascar/North/Toamasina/photo134555.htm



Tamin'izay indrindra dia niazakazaka nanantona azy ny lehilahy iray ary nitabataba :
"ho vonoiko ianareo ry varika loza ireto !"

Niakatra tao andamosin'dreniny Ayouh ary namonjy malaky ny tranony izy ireo.
Soa ihany fa hainy ny mifindranfindra malaky amin'ireo ratsan-kazo.

Noho ny tonga tao an-tranony dia noraisin'I Ayouh ilay finday izay namboarin'i Saholy sy i Miaro namany :
boaty kely izy io ary misy tady lava mifandray amin'ny boaty iray izay any amin'ireo namany.



Nikiaka mafy tao amin'ilay boty izy ary henon'i Saholy sy i Miaro, fantratr'izy ireo aok'izany fa tra-doza i Ayouh.

GERP ASLM © Catherine RHIAT




Nandeha malaky izy ireo nanantona ny fatorian'i Aouyh sy ny reniny.

Noho ny tonga izy ireo dia nahita an'ilay Rangahy izay efa nanomboka nikapa ilay hazo.
Nosakanan'izy ireo ilay Rangahy mba tsy hanapaka intsony ilay hazo.

Tezitra mafy ilay rangahy :
ny rehetra efa mahafantatra fa ireo ratsy tarehy ireo dia tsy mitondra hafa tsy loza ho an'izay tany andalovany.
Ka avelao aho hamono azy ireo !"




Hoy i Miaro : TSIA , tsy mitondra loza izany ny Aye- Aye.
Fa tsaho izany. Mba fantatrao ve ny niandohan'ny izany tsaho izany ?

"TSIA" hoy ilay Rangahy.


GERP ASLM

© Catherine RHIAT

Dia nitantara i Miaro : “ Taloha ela be hono, nisy olona maromaro nandeha tao anaty ala mba hanampaka hazo. Nifanena tamin’ny Aye- Aye izy ireo , izay Varika be maso sady manana ratsan-tanana mahia sady lava , miaraka amin’ny nify be ary rambo be volo.

Tamin'izay indrindra no nisy rantsankazo nianjera niaraka tamin'ny feo mafy be. Natahotra mafy ilay olona ka nijanona tampoka ny fony.

Noho izany dia nahelin’ireo olona tamin’ny manodidina fa hoe nohozonin’ilay Aye- Aye no nahafaty. Ary nahelin’izy ireo maneran-tany izany hevi-diso izany.



https://www.primatespark.com/aye-aye-fun-facts/

Hoy i Miaro nanohy :

"Raha ny marina, manana maso lehibe sy sofina lehibe izy satria mandeha amin'ny alina.

Ary manana rantsantanana lava sy nify lehibe izy satria manala ireo olitra miafina ao ambany hodi-kazo.

Tena ilaina tokoa ny aye-aye satria manatsara ny fahasalaman'ny hazo".




https://www.mindenpictures.com/search/preview/aye-aye-daubentonia-madagascariensis-digging-for-insects-in-tree-with-long/0_00557186.html

GERP
ASLM
© Catherine RHIAT

Hoy koa i Saholy : “Olona maro avy any lavitra koa no tonga aty mba hijery ny Aye- Aye.

Izay mahatonga asa maro hoan’ny mponina".



Gaga aok’izany ilay Rangah sady niteny hoe : “ Tonga aty ve izy ireo hijery ireo zava-dratsy ireo ?”



Hoy i Saholy :
“ Tsy ratsy izany izy ireo.
Tsy ny endrika ivelany no manan-daja fa ny hatsarana avy ao am-po.

Tena tsara fanahy ny Aye-Aye !”



GERP

ASLM

© Catherine RHIAT



Tamin'izay fotoana izay no nandre feo mafy "kràk" izy ireo.
Nianjera tany anaty lavaka tsy hita noanoa i Ayouh sy ny reniny.
Nianjera tamin'ny tany ilay hazo, niantsambotra teny an-tanan'i Saholy sy Miaro izy ireo.

Nanantona ilay Rangahy i Saholy ka hoy izy : ''izy no Ayouh.
Jereo anie fa mafatifaty izy e !''



*https://www.thelondoneconomic.com/business-economics/economics/aye-ayes-split-from-lemurs-in-africa-before-both-made-their-ways-to-madagascar/21/08/*



Hoy ilay Rangahy : Ay ve tsy ratsy akory ny Aye -Aye e, tsy ohatran'ilay lazain'ny olona.
Mafatifaty ery ito Varika kely ito miaraka amin'ilay masobeny mavomavo sy ilay sofina be sy ireo ratsantanany lava.

© Catherine RHIAT



Nanontany ilay rangahy Miaro « fantatrao ve fa maneran-tany,
nalaina sary antsaina ny aye aye
mba hanaovana ny sary mihetsika ?

Ny extra terrestre dia ohatra mivaingana.
Tondroiny amin'ny tanany lava izao tontolo izao ary
nataony hoe « trano ».

Nisokatra ny sain'ilay rangahy :
" Eny marina, mitovy amin'ny Gizmo i Ayouh ,
ilay gremlin tsarafanahy miaraka amin'ny
sofony".





Eny, marina izany hoy Miaro.
Misy an'ilay sary miaina hoe
" Madagascar"
ary fanatatrao hoe iza no
anisany tena malaza ao ?
I Maurice, Aye -Aye izy".

GERP

ASLM

http://eilam12011.free.fr/p6/avril2016/APPADOO/Site/culturemalgache.html

© Catherine RHIAT



*https://naturerules1.fandom.com/wiki/Aye-aye*

**Nieritreritra izany ilay Rangahy ka vaky vava hoe :**
**"ary tian'ny olona eraky izao tontolo izao anie izany ny Aye-Aye !**
**Isika ihany koa, tokony ho tia azy ihany koa isika" .**



*https://www.facebook.com/323800257814589/photos/pcb.1443779742483296/1443779372483333/?type=3&theater*

**Nanohy koa i Saholy :**
**"Tokony hotiantsika mihitsy izy ireny.**
**Fantatrao ve fa eto Madagasikara ihany no misy azy ireny ary raha mitohy ny famonoana azy dia hanjavona eto amin'izao tontolo izao izy ireny ?**



**Gaga ilay rangahy :**
**"Noeveriko fa hoe misy Aye-Aye eraky izao tontolo izao".**



*https://lemur.duke.edu*

**Hoy i Saholy : "Sady ny zanaky ny Aye-Aye tena vitsy.**
**Isaky ny 2 na 3 taona vao misy zanany iray ny Aye-Aye izany no maha mora lany tamingana, mila arovantsika malaky izy ireny !".**

GERP ASLM

© Catherine RHIAT

Nanohy ny teniny ilay rangahy : " Nanohy ny teniny ilay rangahy : " "Tena mampivarahontsana izany. Saingy any an-tanànako, tezitra ny olona. Milaza izy ireo fa manimba voanio betsaka ireo aye-aye. "



https://www.jungledragon.com/image/87335/aye-aye_-15_palmarium_madagascar.html

Hoy i Miaro namaly : "Marina fa tia voanio izy ireo fa tsy tokony ho enjehantsika amin'izay izy ireo satria ny olombelona no nanimba ny ala mba nambolena sy niompiana omby.

Ny Aye-Aye anefa mila misakafo mba ho velona izay no mahatonga azy mihinana voanio.

Resy lahatra ilay rangahy : « eny marina izany, mazava amiko amin'izay hoe maninona izy ireo no arovana.

Nefa nosimbaiko izao ny tranony dia inona no tokony ataoko ?"




https://www.naturepl.com/stock-photo-aye-aye-daubentonia-madagascariensis-at-night-madagascar-image01560436.html


GERP

ASLM France

© Catherine RHIAT

Nanome soso-kevitra i Saholy nanao hoe :
"Andeha isika hanamboatra trano ho azy ireo amin'io hazo nokapainao.

Tokony ataontsika malaky satria hisandratra ny andro
nefa tsy mahazaka hazavana ny mason'izy ireo".



Niara niasa izy ireo ka fotoana fohy dia vita ilay trano.

Nampetrak'izy ireo teny amin'ny toerana ambony
ka nitady ravina ny
renin'i Aye-Aye nataony tao anatin'ilay trano
mba ahafahany miaina tsara.

Taorian'ny fisaorana natao azy ireo dia nanadeha natory Ayouh sy ny reniny.



GERP ASLM © Catherine RHIAT

Nilaza tamin'ilay rangahy i Miaro :
"Mbola misy asa hafa miandry antsika.
Nanapaka hazo ianao ka mila hambolena indray izy io.

Loharanon'Aina ny hazo.
Mila hazo daholo ny olona sy ny biby.

Manome sakafo antsika izy, manasitrana ary manalokaloka.
Mamelombelonaina rehefa mafana iny andro, ary Miaro antsika amin'ny rivodoza izy.

Taona maro no mifandimby vao lehibe ny hazo iray.

Mila mieritreritra ho an'ireo taranaka faramandimby isika".

Andao isika telo ho an'ny amin'ny taninjanakazo ary hisafidy ny hazon'ny Madagaskara.

Ary niaraka namboly izany manodidina ny aty ala.



Photo GERP - Rapport 2019

GERP

ASLM

© Catherine RHIAT

**Nandritra ny resaka nifanaovany tamin'i Saholy sy i Miaro no nahatsapan'ilay Rangahy fa tsy biby mitondra loza velively ny Aye-Aye, tena ilaina izy ireny saingy efa tena vitsy ka tokony harovana.**


Photo GERP - Manombo

**Nanomboka teo dia nampita ny fahalalany izy .**

**Ary isan-taona dia lasa nikarakara ny fetin'ny Aye-Aye miaraka amin'ny mponina izy ireo.**


Photo GERP – Maromizaha 2022


Photo GERP – Maromizaha 2022

GERP

ASLM France

© Catherine RHIAT

***Ny fiarovana ny zavaboaharin'i Madagasikara ho an'ny taranaka amam-para dia tsy maintsy mandalo amin'ny fampahafantarana.***




**Catherine Rhiat**

*Mpanoratra ary filohan'ny ASLM*

**Association pour la Sauvegarde des Lémuriens de Madagascar**

***https://www.aslm-lemuriens.org***


**Taorian'ny nahitako ny sarin'ireo Aye-aye maty novonoina niparitaka tetsy sy teroa dia naoratra ity angano ity aho mba tsy hiverenan'izany intsony mandakizay.**

**Hitondra fahalalana ka hahatongasaina fa**
**ny Aye aye dia tsy biby mitondra loza fa harenan'i Madagaskara.**

**Efa ho lany tamingana izy ireo ary**
**tokony handraisana fepetra malaky ny fiarovana azyireo.**


Misaotra an'i



**Pr Jonah Ratsimbazafy**

*Primatologue ary filohan'ny GERP*

aho noho fanampiany sy ny fanohanany.

**Groupe d'Etude et de Recherche sur les Primates de Madagascar**